

3 MAY 2010

Le 19 Iyar 5770.

MANKANESA ANY AMIN'NY TANIMBOLOKO ANIO

«Tsy fantatrareo va fa izay manompo amin'ny zavatra masina dia mihinana ny zavatra ny tempoly, ary izay manompo eo amin'ny alitara dia miombona amin'ny alitara? Toy izany koa no nandidian'ny Tompo, fa izay mitory ny filazantsara dia hahazo fivelomana amin'ny filazantsara. Nefa tsy nahavatra izany zavatra izany na dia kely akory aza aho; ary tsy manoratra izany aho mba hanaovana izany amiko; fa aleoko maty toy izay hisy hahafonana ny reharehako. Fa raha mitory ny filazantsara aho, dia tsy misy ho reharehako, satria tsy maintsy manao izany; fa lozako, raha tsy mitory ny filazantsara aho!» (1 Korintiana 9:13-16)

«Fa tsaroanareo, ry rahalahy, ny fikelezanay aina sy ny fisasaranay; fa niasa andro aman'alina, mba tsy hahavaky tratra na dia olona iray akory taminareo aza, no nitorianay ny filazantsaran'Andriamanitra taminareo.» (1 Tesalonia 2:9)

«Fa fantatrareo ihany fa ireto tanako ireto no niasa mba hahazoako sy ny niaraka tamiko izay nilainay.» (Asan'ny Apostoly 20:34).

«Fanakianana velona an'ireo be hakamoana sy mitady fiainana tsy misy ezaka ny fahazotoany miasa. Notoerin'i Paoly tamin'ny ohatra nomeny ireo izay mampiely ao ampiangonana hevitra fa ny fitoriana ny filazantsara dia tsy natokana afa-tsy ho an'ireo izay tsy mpanao asa tanana. Nasehony ny tokony ho fihetsiky ny mpianatra n'aiza n'aiza misy azy ireo. Ny fomba fanaony dia mampianatra ireo mpiasa tsotra ny faniriana hanao zavatra ho an'ny Tompo na dia eo am-panaovana ny asa andavan'androny aza. Akoila sy Prisila dia tsy nanokana ny fotoanany rehetra hanaparitahana ny filazantsara, saingy Andriamanitra dia nampiasa ireo olontsotra ireo haneho ny fahamarinana feno kokoa ho an'i Apolosy.(6)

Mampiasa fomba maro Izy hanatanterahana ny fikasàny. Indraindray dia kristianina manantalenta manokana no hantsoiny hampianatra sy hambara ny Filazantsara; indraindray dia olona tsotra izay mbola tsy voahosotra mihintsy teo amin'ny saha no hantsoiny hiantsohoka adidy manandanja lehibe eo amin'ny famonjena ny fanahy. Sehatr'asa mivelatra sy midadasika no eo anatreha'ny mpanompo izay mpanao asa-tena ka hahazo fanandramana ambony ho an'ny tenany manokana izy ireo amin'izany. Hisy mpitoriteny mahay ho voahofana amin'izany fomba izany ka hiasa any amin'ireo toerana tena ilàna azy indrindra. --*Conquérants pacifiques* pages 314-315.

«Any amin'ny toerana maro dia misy iraka afaka miasa tsy miankina (amin'ny foibe). Ny apostoly Paoly dia tsy nokaramaina raha nitory ny filazantsara eran'izao tontolo izao. Sady nampiseho an'i Kristy tany amin'ireo tanan-dehibé tany Azia sy Eoropa izy no nanambotra tany hahazoany miatrika ny fandaniany isan'andro » -- *Ministère de la guérison* p. 128.



<http://schwintner.chez-alice.fr/>